## 15È MARATHON INTERNATIONAL DE TANA

# Hiara-dalana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana

Hiavaka ny andiany faha 15 amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka, Marathon International de Tana, amin'ity taona 2015 ity ,izay ho tanterahana ny alahady faha 11 Oktobra. Hisy hetsika manokana hatao mba hanentanana ny rehetra amin'ny fikajiana ny tontolo iainana fa tsy natao ho fanatanjahntena fotsiny ity fifaninanana ity. Araka ny fanazavana nomen'ny solontenan'ny ministeran'ny Tontolo iainana, dia tsy tokony hisy fiara handeha mandritra ny ora 2 sy sasany hanaovana ny fifaninanana mba hiadiana amin'ny setroka mainty avoakan'izy ireny. Mpiara-miombon'antoka maromaro no hifarimbona hanatanterka ny hazakazaka dia ry zareo avy ao amin'ny World Trade Center, ny Federasiona malagasin'ny taranja fototra Atletisma, ny ministeran'ny Fanatanjahantena sy ny Tanora ary ny ministeran'ny Tontolo iainana. Toy ny isan-taona dia tsy misy fiovana ny làlana izay efa nahazo ny fankatoavana avy amin'ny IAAF ary efa nampiasaintsika tamin'ny lalaon'ny Frankofonia. Mirefy 42,195 km ny Marathon Internarionbal de Tana. Ho fandraisan'anjaran'ny daholobe amin'ity hetsika ity dia misy ny karazam-pifaninanana omen'izy ireo ny mpankafy hazakazaka ankoatra ny Marathon. Isan'ny hifaninana ny « Foulées Ecolo » mirefy 10 km. Eo ihany ko any Handirun, 10 km, ary ny Maratoons, mirefy 1,5 km. Araka ny nambaran'ny mpikarakara nandritra ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety dia 15 000 ar no fandraisan'anjaran'ny mpihazakazaka iray. Fantatra ihany koa fa ny 20 % ny vola azo amin'ity hetsika ity dia atolotry ny mpikarakara an' i Père Pedro mba hikarakarany ireo sahirana eny amin'ny toby Akamasoa .



*Ireo mpikarakara ny Marathon international de Tana*

### *hisy mpihazakazaka vahiny*

Araka ny nambaran'ny mpikarakara, dia hisy mpihazakazaka vahiny ho tonga eto Madagasikara handray anjara amin'ity hazakazaka ity. Ny efa fantatra aloha hatreto dia ry zareo Kenyana, fa andrasana ihany koa ry zareo afrikana atsimo sy ny avy any Frantsa ary ny avy aty amin'ny nosy manodidina. Ho an'ny mpihazakazaka malagasy dia i Hajanirina Andriamparany, laharana voalohany eto amintsika, no efa fantatra fa handray anjara .

***Nono R***

Taratra.